FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY SOKAJY "TETIKASA MENDRIKA INDRINDRA"

FIHAONAMBE AN-TAMPONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA 2016
FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY SOKAJY "TETIKASA MENDRIKA INDRINDRA"

Ity sokajy ity dia natokana ho an'ireo rafitra ara-panjakana, kaominina, fikambanana tsy miankina, fikambanana eny anivon'ny fiangonana izay nanao asa miavaka ho fanatrarana ireo tanjona voarakitra ao anatin'ny Fenitry ny SADC momba ny Miralenta sy ny Fampandrosoana, aorian'ny taona 2015 sy ireo tanjon'ny fampandrosoana maharitra, mifanaraka amin'ireo lohahevitra momba ny:

- **Fahasalamana sy zo ara-pananahana, ao anatin'izany ny ady amin'ny herisetra, ny VIH sy SIDA**
- **Fitantanana, ao anatin'izany ny Ainga 50/50, filaminana sy fandriam-pahalemana, lalàna fototra fiovaovan'ny toe-trandro sy fampandrosoana maharitra**
- **Fitoviana eo amin'ny lafiny toe-karena, ao anatin'izany ny fampianarana, ny fanofanana, ary ny fampandrosoana ara-toe-karena.**

Safidio amin'ireo lohahevitra voalaza ireo ny sokajy misy anao!

Mizara dimy (5) ny famenoana ity fandraisana anjara ity:

- **Filazana ny momba ilay mpanolotra (ny mombamomba anao; fenoina na fidina izay mifaraka aminao)**
- **Sokajy (Misy safidy efatra).**
- **Fanolorana ny tetikasa (lahatsoratra fanazavana momba ilay tetikasa)**
- **Porofo(an-tsoraka, an-tsary na horonan-tsary)**
- **Fandalinana (Mariho izay mifanaraka amin'ny tetikasanao)**

Iangaviana ianao hamaky tsara ity torolalana ity mialohan'ny hamenoana ny fandraisanao anjara:
Fenoy mialoha ny mombamomba anao. Izany dia hahafahanao mameno ny ambin'ny fandraisana anjara amin'ny fotoana manaraka. Azonao atao ny mameno tsikelikely ny fandraisanao anjara amin'ny alalan'ny fanindrina ny teboka natokana ho amin'izany izay hitanao eo ambonin'ny pejy. Ho angatahina aminao ny adiresy mailaka ary ho alefa aminao ny rohy (lien) hahafahanao miverina eo amin'ny asa vitanao teo aloha.

Ny fizarana rehetra DIA TOKONY ho fenoina avokoa.
Ireo ahitana kintana mena (*) dia tsy maintsy fenoina.
Rehefa mahita tsipika midina ianao dia tokony hisafidy izay mifanaraka amin'ny tetikasanao.
Ampiasao ny OANDA na izay rohy nomena anao hamadihana ny vola malagasy ho Dolara.
Tena tsara raha ny olona hanolotra ny asa no mameno ny fandraisana anjara. Raha toa ka tsy ilay mpanolotra no mameno azy dia ny mombamomba ilay mpanolotra no hamenona ny fandraiasana anjara.
Ny andraikitra, Fianarana natao, Taona, Lahy sa Vavy, Adiresy mailaka ary ny laharana finday dia tokony an'ny mpanolotra ny asa.
Tokony hisy ny porofo, ohatra drafitrasa, politika, sary, lahatsoratra an-gazety, horonan-tsary tamin'ny fahitalavitra, lahatsoratra fijoroana vavolombelona (taratasy na mailaka), entina hanamarinana ny asa vitanao. Tsy tokony hihoatra ny 50 MB nefa ny porofo ampidirinao. Afaka mampiditra porofo hatramin'ny 10 ianao.
Raha toa ka tsy voafenonao indray mandeha ny takelaka rehetra dia araho ireo torolalana manaraka ireto:

Rehefa vita ny pejy 1(izany hoe eo amin'ny pejy 2 ianao izao) dia tsindrio ny teboka ery ambony milaza hoe, “Tohizana amin'ny manaraka”:

Raha mila fanampiana ianao dia aza misalasala manantona ny biraon'ny Gender Links:

http://genderlinks.org.za/who-we-are/where-we-work/

Na mandefa mailaka amin'ny: madaprogofficer@genderlinks.org.za.

MOMBA NY MPANOLOTRA
Raha tsy ilay mpanolotra no mameno ity dia ny mombamomba ilay olona hanolotra ny asa no fenoina eto.

1. Daty

11/27/2016

2. Anarana

RAZAIARIMANANA Jeanne Francoise

3. Fanampin'anarana

Eva de Chantal

4. Lahy/Vavy

Vavy

5. Anaran'ny fikambanana/Toeram-piasana

AFSF Kaominina analavory

6. Andraikitra

Hafa

7. Firenena

Madagascar

8. Faritra

Itasy

9. Kaominina

Analavory

10. Adiresy mailaka

dabarado@yahoo.fr

11. Laharan-tariby oh. 00261 20 22 350 51

0332469518

12. Laharana finday oh. 00261 34 43 087 78

0332469518

13. Salan-taona

18 -30

14. Fianarana natao

Ambaratonga faharoa

15. Manana fasasembanana ve ianao

Tsia

16. Lohatenin'ilay tetikasa (oh. Vehivavy eo amin'ny kaominina Maintirano miatrika ny fiovaovan'ny toe-trandro)

VEHIVAVY SY NY ASA TANANA ANTOKY NY FAMPANDROSOANA

17. Karazana Fikambanana

Fikambanana tsy miankina

18. Sokajy

Fitoviana ara-toe-karena –ao anatin'izany ny fampianarana, fanofanana sy ny fampandrosoana ara-toe-karena

FANOLORANA NY TETIKASA

19. Fanazavana fohy momba ny tetikasa natao (Teny miisa 150)
Famaritana ny asa natao, inona no tena mampiavaka ilay asa/hetsika raha oharina amin'ny tetikasa hafa?

Ny asa natao dia asa tanana vita avy amin'ny volcanique izay nomena ny anarana hoe "Pierre éponge". Izy io dia akora misy eto an-toerana no kirakiraina mba hanome fidiram-bola maharitra mahavelona anay vehivavy ary manohana betsaka ny filana isan-karazany eo anivon'ny tokantrano. Izany dia andraikitra famelomana ny ankohonana ary hisian'ny fitovizan-jo eo amin'ny lahy sy vavy ka mitarika ny fampisongadinana ny miralenta.
Ny mampiavaka azy amin'ny tetik'asa hafa dia mora atao sy tsy dia misy fandaminana firy eo amin'ny famolavolana ny akora ampiasaina mba hanome vokatra araka izay ialaina azy

20. Tanjona (Teny miisa 250)
Inona avy ireo tanjona noezahana hotratrarina tamin’ny fanatanterahana ny asa?

Ny tanjona hotratrarina dia: ny mba hananan'ny vehivavy tsirairay anjara asa eo amin'ny fidiram-bola ao an-tokatrano amin'ny alalan'ny varotra asa Tanana izay voalaza etsy ambony. Manaraka izany dia mba hisian'ny voalaza etsy ambony. Manaraka izany dia mba hisian'ny fifanohanan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fivelomana ary ho fampiharana ny fampitovianjo sy ny miralenta eo amin'ny sehatra asa rehetra misy.
Fampandraisana anjara mitovy ny vehivavy sy lehilahy eo amin'ny famolavolana sy fampiharana ny tetik'asa fihariana ara-toekarena ao amin'ny fenitry ny SADC 28 and 15-19.
Ary ho fampananana asa ho an'ny vehivavy rehetra mba hanatsara ny ho avy sy ny fiainan-tokantrano rehefa any aoriana ary mba tsy hianteherana firy amin'ny lehilahy amin'ny asa atao rehetra fa mba sahy mandray fanapahan-kevitra hampanjaka ny rafitra miralenta eo amin'ny fitondrana.

21. Antony nanatanterahana ny asa (Teny miisa 300)
Inona avy ireo antony nahatonga anao hanatanteraka ny asa? Inona no toe-java-nisy?

Ny antony nanatanterahana ny asa dia mba hialana amin'ny fidonadonanampoana ary ho fandraisana andraikitra sy hahafahana miatrika ny olona rehetra misy eo amin'ny lafin'ny maha lahy sy maha vavy. Indrindra koa ny fahasahiana mijoro eo amin'ny sehatrin'ny fitondrana sy ara-tsosialy na ara-panjakana. Ary ihany koa mba hanomezana asa fivelomana ho an'ny tanora sy ny vehivavy mba ho fidiram-bola maharitra isan-tokantrano na eo anivon'ny fitondrana, fiaraha-monina indrindra ny fanjakana noho izany dia ho foana ho azy fanavakavahana sy ny fanaovana tsinontsinona ny vehivavy satria mijoro ho azy ny miralenta amin'ny alalan'io asa fihariana io ka : maneho maha izy azy sy mampisongadina ny vehivavy.

22. Asa natao (Teny miisa 300)
Inona avy ireo dingana narahina tamin’ny fanatanterahana ny asa? Inona avy ireo asa notanterahina isaky ny dingana tsirairay?

Ireo dingana narahina teo am-panantanterahana ny asa dia :
- Fanarahana ny fiofanana
- Nitady toerana ahitana ny vato azo ampiasaina
- Nanangonana ny fitaovana madinidinika toy ny fanodinana azy mba hanomezana endrika ny vato dia ny fandokoana sy ny fanatsarana azy izany.
- Fikarohana tsena fivarotana sy lalam-barotra anatiny sy ivelany ary fanitarana sy fifampizarana ny traikefa amin'ireo tanora sy vehivavy amin'ny asa rehetra izay atao na arak'asa na ara-barotra mba hahazoana vokatra tsaratsara kokoa.
- Izay no dingana notanterahana teo ampanaterahana ny asa

23. Fiaraha-miasa amin’ny mpiara-miombon’antoka sy tambazotra samihafa (Teny miisa 200) *
Nisy fiaraha-miasa taminà mpiara-miombon’antoka na tambazotra hafa ve taloha na nandritra ny fanatanterahana ny asa? Fiaraha-miasa teo amin’ny sehatra nasiônaly, rejionaly sa iraisam-pirenena?

- Faharisihana tamin'ny fanantenana nataon'ny miralenta sy ny fampandrosoana teto amin'ny sehatra fizahan-tany teto amin'ny Chute de la lily misy anay.
- Fanofanana sy famporisihana noentin'ireo tompon'andraikitra tonga mitsidika ny toeram-pizahantany tao amin'ny Chute de la lily. (Aquitaine, Agrisud, Prosperé, ORTITA)
- Nampiofana ny asan-tanana avokoa izy ireo ary fikarohana lalam-barotra iraisam-pirenena mba hoentina hampivelatra ny asan-tanana izay misy eto an-toerana.

Teti-bola

Ohatrinona (Dolara) ny teti-bola nanatanterahana ny asa. Araho ity rohy ity hamadiana ny vola Ariary ho Dolara US$: http://www.oanda.com/currency/converter/

24. Ohatrinona amin'ny vola Dolara US$ ny teti-bola natokana momba ny asa tsirairay. Aza asina elanelana ny tarehimarika na faingo (,) na teboka (.). Oh. 5000.Raha tsy nisy ny teti-bola dia 0 soratana "0".

Ohatrinona ny vola nomen'ny kaominina hanatateraha io asa io amin'ny vola Dolara $: $100
Raha tombanana amin'ny vola Dolara ny fanampiana hafa nomen'ny kaominina dia ohatrinona eo ho eo? : $20
Total : $120

25. Iza no namatsy vola ny tetikasa ary hazavao fohifohy ny fomba fifandraisan'izy ireo tamin'ny kaominina

TSY MISY

26. Vondron'olona nahazo tombotsoa (isany). Aza asina elanelana ny tarehimarika na faingo (,) na teboka (.). Oh. 5000. Raha toa ka 0 ny valiny dia soraty hoe "0".

Nahazo tombontsoa mivantana : 90
Nahazo tombontsoa an-kolaka (Oh. Tamin'ny alalan'ny tambazotra) : 0
Nahazo tombontsoa amin'ny alalan'ny fampiasana teknolojia vaovao (Oh. Tranokala, mailaka, lahatsoratra) : 0
Total : 90

27. Olana nosedraina (Teny miisa 300)
Inona avy ireo olana nosedraina tamin’ny fanatanterahana ny asa? Inona no natao mba hamahana izany olana izany?

Ny olana nosedraina:
- Fanovana ny toe-tsain'ny mpikambana
- Fahasahiranana ara-bola sy ara-pitaovana, ara-barotra ary fandresen-dahatra azy ireo amin'ny zavatra tsara

Ny natao mba hamahana izany olana izany dia:
- Ny fifampizarana traikefa hahafahan'ny tsirairay mampidi-bola ao anatin'ny tokantrano eo ihany koa fahaizana mandray olona fangatahana natao tamin'ireo malalan-tanana mba hanome fitaovana ho enti-mihetsika hanaovana io asa Tanana vato volcanique.
- Fanarahana ny fiofanana nataon'ny miralenta mba ho fanofanana ny vehivavy amin'ny asa iandraiketany ary ny fitadiavana lalam-barotra mba hampiodina haingana ny orinasa ary fanarahana fampiofanana izay manaraka teknika moderina mba tsy hisian'ny faty antoka.

28. Fanaraha-maso sy tombana (Teny miisa 300)
Inona avy ireo karazana fomba sy fitaovana nampiasaina nentina handrefesana ny fiantraikan’ny asa vita? Mety ho isa/tarehi-marika na fijoroana vavolombelona avy amin'ireo nahazo tombontsoa.

Ny karazana fomba sy fiovana nentina nandrefesana ny fiatraikan'ny asa vita dia:
- Fanomanana ny asa vita teo aloha hita mantsy fa tena mandroso teo amin'ny tanàna ilay fiharinkarena, ka tafiditra an-tsekoly ny zaza rehetra.
- Nitombo ny mpizahan-tany noho ny fandrosoan'ny Tanana ka noho izany miroborobo fatratra ny asan-tanana.
- Hita ary tsapa fa afa-pahasahiranana tokoa ny vehivavy eto an-toerana nentanina koa ny vady aman-janaka mba hifanome Tanana amin'ny asa sahanina rehetra satria Miralenta ny fiainana.
- Tamin'ny taona 2015 no nitadiavana lalam-barotra sy nampitomboana sy hamaroan'ny vokatra ho bebe kokoa noho ny hamaroan'ny mpizahan-tany tonga eto an-toerana, ny mpivarotra ihany koa mitombo torak'izany, teo ampiandohana mantsy dia olona (6) no namorona io asan-tanana io asa-tanana vato io ankehitriny anefa efa tafakatra sivy folo (90) miaraka amin'ny mpivarotra izahay hita amin'izany ary ny fandrosoan'ilay asa Tanana.
- Isaky ny volana Desambra, Janoary, Febroary, Martsa, dia tsy mandeha mihitsy ny varotra fa ankoatran'izay dia ny akora ampiasaina indray no tsy ampy. Noho izay fitombon'ny mpivarotra izay dia nohezahana hatrany ny nanatsara ny kalitao ny asan-tanana mba hampihemotra ny mpanjifa.

VOKATRA AZO

29. *Fampahefana ny vehivavy (Fanamafisana ny fahaiza-manao na fampiofanana)* (Teny miisa 200)
Inona tamin'ny tetikasa no nanampy ny vehivavy hahaleo tena (Oh.fiofanana, fanamafisana fahaiza-manao)?

Fampahefana ny vehivavy (fanamafisana ny fahaiza-manao na fampiofanana sy nanampy ny vehivavy hahaleo tena dia ny fiofanana arak'asa noho izany voaentana ny vehivavy, eo ihany koa ny fiaraha-monina ka lasa mandroso ny fiharin-karena, afaka ny disadisa maro isan-karazany ao an-tokantrano.
- Fanomezana lanja ny vehivavy eo amin'ny sehatrin'ny asa sy ny varotra hifam-pizaran'ny mpiara-monina mba hananan'ny tsirairay eny, tsy hianteherany amin'ny hafa afatsy amin'ny herin'ny tena.
- Fahasahian'ny vehivavy mandray andraikitra amin'ny asa atao rehetra fa tsy mifananja amin'ny lehilahy na amin'ny asa inona na asa inona ka noho izany resin'ny vehivavy miralenta ny fampandrosoana ny fitovian-jo.

30. *Porofo* (Teny miisa 100)
Sombiny amin'ny Fijoroana vavolombelona iray farafahakeliny avy aminà vehivavy nahazo fiofanana. Aza adino ny anarany, fanampiny, ny asany .

Izaho RASOANANDRASANA Rogine dia mijoro vavolombelona fa nisy fiovana ho ahy ny fampiofanana nataon'ny miralenta sy ny fampandrosoana. Ka izany no ahafahako ho tia karokaroka sy manentana ireo mpivarotra namako, fa efa tafatoetra sy mihatra hatrany an-tokatrano ny miralenta noho ny fiofanana azoko. Milamina izahay ao antokantrano. Miralenta avokoa ny atao rehetra hatramin'ny andraikitra kely ka hatramin'ny lehibe indrindra. Ny asako dia mivarotra ny vokatra vato Pierre éponge ka tena hitako fa miroborobo izany.

31. *Fandraisana anjaran'ny lehilahy* (Teny miisa 300)
Nanosika ny lehilahy hanohana kokoa ny hetsika momba ny Miralenta ve ny asa natao? Manomeza ohatra.

Efa, manosika ny lehilahy hanohana ny miralenta tokoa na asa ataony satria nanaraka antsakany sy andavany fampiofanana ny miralenta sy ny fampandrosoana tokoa izy ireo ka tanteraka sy tomombana avokoa ny zavatra natao rehetra .
Tena miroborobo tanteraka ny asan-tanana vato Volcanique (Pierre éponge) .
Noho ny fahamaroan'ireo vehivavy mpivarotra eto an-toerana sy ny hitana lalam-barotra any amin'ny sisin-tany, faly tanteraka ireo lehilahy. Ka izany no mahatonga azy hanohana kokoa momba ny miralenta sy ny fampandrosoana dia ny fahaizana mitantana sy mandray vahiny ary ny hahaizana mandamina lamin'asa ny asa atao, mahatsiaro tena ho miralenta sy ny fampandrosoana

32. *Porofo* (Teny miisa 100)
Sombiny amin'ny Fijoroana vavolombelona iray farafahakeliny avy aminà lehilahy voaentana. Aza adino ny anarany, fanampiny, ny asany .

Izaho HAJANDRAINA Tsimijaly dia mijoro vavolombelona fa tena mandroso tokoa ny asa Tanana vato volcanique (Pierre éponge) noho ny fiaraha-mientana nataon'ny miralenta sy ny fampandrosoana teto an-toerana.
Ny asa ataoko dia: ASA TANANA Vato Volcanique, izay tena fidirambola maharitra ho anay eto an-toerana.

33. *Fiovana eo amin'ny fifandraisana ao an-tokantrano* (Teny miisa 300)
Nampisy fiovana teo amin’ny fifandraisan’ny mpivady sy fianakaviana ve ny asa natao? Manomeza ohatra.

Eny, nisy ny fiovana.
- Nihatsara ny fari-piainana.
- Nitombo ny fidirambola
- Nitombo ny fifankatiavan'ny mpivady.
- Nilamina ny tokantrano
- Tafiditra antsekoly ny ankizy.
- Ny hahafahan'izy ireo manantanteraka izany anefa dia ny fampiofanana nataon'ny miralenta sy ny fampandrosoana izay nahatsapa fa mavesatra dia mavesatra ny andraikitra hiantsoroan'ny vehivavy manoloana ny tokantrano. Noho ny fifanomezan'ny lahy sy ny vavy tanana anefa dia azo lazaina fa mitovy zo izy ireo ao an-tokatrano ka izany no nampisy fiovana teo amin'ny fifandraisan'ny mpivady sy ny fianakaviana teo amin'ny asa natao.
- Nampisy fiovana teo amin'ny fifandraisan'ny mpivady sy ny fianakaviana tokoa ny asa natao.

34. *Fiovana eo amin'ny fiaraha-monina* (Teny miisa 300)
Inona ny fiovana nisy teo amin'ny fiaraha-monina taorian'ny fanatanterahana ny tetikasa? Manomeza ohatra.

Ny fiovana nisy teo amin'ny fiaraha-monina taorian'ny fanatanterahana ny tetik'asa dia: ny fanarahan'izy ireo ny fampiofanana nomen'ireo fikambanana miralenta sy ny fampandrosoana izay tarihin'ny RAZANAMAHEFA Juliette miaraka amin'ireo birao ao aminy mba ho fampahefana ny vehivavy araka ny fampahafantarana ny fifanarahan'ny SADC .
Noho ireo fampiofanana ireo dia nanjary nahazo asa avokoa ny tanora sy ny vehivavy rehetra ka nahatsara ny fiaraha-monina teo amin'ny Tanana ilay fiharian-karena noho ny fitomboan'ny mpizahan-tany tonga eto amin'ny Chute de la Lily ka nampananan'asa ny tanora sy ny vehivavy mba tsy hiandry nahazo fa ho tia karokaroka amin'ny asa rehetra izay atao.
Izany no nahatongany fivarotam-bato any ivelan'ny Tanana toy ny any (Mahajanga; Tamatave; Diego; Sns….)

35. *Fiovana eo amin'ny fomba fijery ny Miralenta* (Teny miisa 200)
Manao ahoana ny fiovana teo amin'ny fomba fijerin'ny olona nahazo tombontsoa taorian'ny fanatanterahana ny tetikasa? Manomeza ohatra.

Fiovana eo amin'ny politika noho ny fisian'ny tetik'asa dia ny tanjona 28 amin'ny fenitry ny SADC. Mba hananan'ny vehivavy sy ny tanora asa fivelomana tsy hiandry mahazo fa ho tia karokaroka amin'ny zavatra rehetra izay atao na amin'ny alalan'ny fikarohana kalitao, isan-karazana na lalam-barotra mba hampivelatra bebe kokoa ny asa sy ny fidiram-bola haharitra ao an-tokantrano. Ary fifampizarana traikefan'izy ireo manitatra sy mampitombo ny asa fampidiram-bola hafa amin'ny alalan'ny varotra isan-karazany ho entina hivoizina ny miralenta sy ny fampandrosoana eo anivon'ny tokantrano sy ny mpiara-monina.

36. *Fiovana eo amin'ny politika nohon'ny fisian'ilay tetikasa* (Teny miisa 200)
Raha nisy fiovana eo amin'ny lalàna noho ilay tetikasa dia hazavao eto.

Ny fiovana eo amin'ny noho ilay tetik'asa dia ny FIROBOROBOAN'NY ASA TANANA VITA AMIN'NY VATO VOLCANIQUE izay tena hita fa miroborobo fatratra eto amin'ny toerana misy anay

37. Lesona notsoahina (Teny miisa 300)
1) Inona avy ireo lesona azo notsoahana taorian’ny fanatanterahana ny asa?
2) Manao ahoana ny fanatanterahana izany?

1- Taorian'ny fanantanterahana ny asa dia ireto avy ny lesona azo notsoahina fiaraha-miasa amin'ny fanjakana momba ny fampiharana ny fenitry ny SADC (Fahasahian'ny vehivavy mandray andraikitra)
o Fanarahana fiofanana ary fanamafisana ny fahaiza-manao hoentina am-pivelarana ny asa Tanana amin'ireo mpizahan-tany.
o Tonga eto amin'ny Chute de la Lily sy ho entina miondrana any amin'ny faritra maro samy hafa izay tena hita fa misy tombontsoa tokoa.
2- Ireo asa atao ampiharana ireo lesona ireo dia: Fanohizana ny tsara efa nisy mba hanarenana ny lesoka teo aloha, ho entina am-pandrosoana ny tetik'asa efa misy hatrizay ary fanaovana tombana ny asa izay tsy maintsy ho tratrarina sy hatrehana

38. Fampaharetana ny asa (Teny miisa 300)
Inona avy ireo ezaka tokony hatao mba hampaharitra ny sy hanamafisana ny vokatra efa azo aorian'ny taona 2015?

Ny ezaka tokony hatao mba hanohizana sy hanamafisana ny vokatra efa azo aorian'ny taona 2015.
A- Fampafantarana ny asa vita rehetra amin'ny alalan'ny serasera :
o Fanohizana ny fanentanana ny zo ny vehivavy sy ny miralenta amin'ny alalan'ny serasera sy fifampikasohana amin'ny manodidina rehetra.
B- Tena azo tanterahana amin'ny toerana rehetra ny asa Tanana araka ny zava-misy eo an-toerana mba ahazoan'ny besinimaro tombotsoa.
- Fametrahana drafitr'asa isan-taona
- Fametrahana sorabola hiasana
- Fanaovana tombana sy fizohiana ny asa atao isan-taona

POROFO
Ampidiro eto ny porofo rehetra hanamarinana ny asa vita. Azonao atao ny manome rohy raha toa ka horonan-tsary no tianao ampidirina. Tsy tokony hihoatra ny 50 MB nefa izany.

Sary:
Ampidiro ny sary manaporofo ny asa na ny sarinao (telo farafahabetsany). Tsy tokony hihoatra ny 50 MB ny sary iray. Tokony hisy anarana toy izao manaraka izao ny sary tsirairay:

Anaran'ilaysary_Nyanaranao_firenena_volanasytaona

Oh. vehivavyenyantsena_andryrandria_madagascar_062016

44. Sary 1

FF.jpg

45. Ampidiro eto ny Sary 1 sy ny momba io sary io

Iza? Anarana sy fanampin'anaran'ny olona tsirairay raha toa ka latsaky ny dimy ny olona hita anaty sary; fanazavana momba ny sary raha mihoatra ny dimy ny olona hita ao : RAZAIARIMANANA Jeanne Françoise Eva de Chantal sy Hajandraina Tsimijaly
Inona ny asa natao teo : manavaka ny akora izay ho amboarina eo ambony machine
Inona ny antony nanaovana ny asa : Ny antony nanaovana ny asa dia mba ho fidiram-bola maharitra ho an'ny Tanora sy ny vehivavy isan-tokantrano.
Aiza ny toerana nangalana ny sary : teo an-toerana (Amparihy Analavory)
Oviana no nanaovana ny asa : dia nanomboka tamin'ny 2015 izay tena hita fa miroborobo fatratra izy ankehitriny
Iza no naka ny sary : Paka 2016

46. Sary 2

GG.jpg

47. Ampidiro eto ny Sary 2 sy ny momba io sary io

Iza? Anarana sy fanampin'anaran'ny olona tsirairay raha toa ka latsaky ny dimy ny olona hita anaty sary; fanazavana momba ny sary raha mihoatra ny dimy ny olona hita ao : RAZAIARIMANANA Jeanne Françoise Eva de Chantal (ny tenako izay) sy ireo mpiara-miasa amiko i RASOLOMANANA Sandra sy SENDRASOA Celestine ary HANANIRINA Lantosoa Bonne Aventure.
Inona ny asa natao teo : Firenena Malagasy izahay, izany hoe dia manao finition ny Commande avokoa (Mandoko ny vato ary manavaka ny efa vita izay ho aparitaka amin'ireo mpandray sy mpanjifa eo an-toerana.
Inona ny antony nanaovana ny asa : Mandoko ny vato ary manavaka ny efa vita izay
Aiza ny toerana nangalana ny sary : Ny toerana nangalana ny sary dia teo an-toerana
Oviana no nanaovana ny asa : ny fanaovana ny asa isan'andro dia ao Atelie
Iza no naka ny sary : maka ny sary dia ny eo an-toerana ihany

FANDALINANA
Fandalinana ny fiovana nentin'ny tetikasanao sy ny lohahevitra niasanao

50. Mariho amin'ireo lohahevitra ara-toe-karena voalaza ireo ny lohahevitra izay tena mifanaraka amin'ny tetikasanao.

Zo hahazo tambin-karama amin'ny fikarakarana marary sy asa ao an-tokantrano
Zo hiasa aminà tontolo mitsinjo ny Miralenta

51. Mariho amin'ireo lohahevitra ara-toe-karena fanampiny ireo izay tena mifanarakaamin'ny tetikasanao.

Fampianarana manaraka kalitao
Fikarakarana marary
Fampianarana amin'ny taranja siantifika ho an'ny rehetra

52. Mariho amin'ireo tanjona ara-toe-karena voarakitra ao anatn'ny fenitry ny SADC izay tena mifanaraka amin'ny tetikasanao

Hanitsy sy hampihatra fandaharana sy politikam-pampianarana manohitra ny fiheverana raiki-tampisaka eo anivon'ny fampianarana sy ny herisetra.
Fampandraisana anjara mitovy ny lahy sy ny vavy eo amin'ny famolavolana sy fampiharana ny tetikasa ara-toe-karena rehetra.

53. Mariho amin'ireo Vondron'olona voalaza momba ny toe-karena ireo izay tena niantefan'ny tetikasanao.

Ny tanora
Mpanao varo-mandeha

54. Mariho amin'ireo Karazana asa natao momba ny toe-karena ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.

Fanamafisana fahaiza-manao

55. Mariho amin'ireo fiovana ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.

Olona akaiky
Fiaraha-monina amin'ny ankapobeny

56. Mariho amin'ireo Karazana fiovana ireo izay tena mifanaraka amin'ny tetikasa nataonao.

Fihatsarana eo amin'ny fikarakarana

Misaotra anao amin'ny fandraisanao anjara!